# 1 Asabotsy
janoary

**Nefa izaho matoky Anao, Jehovah ô; hoy izaho: Andriamanitro Ianao. Eo an-tànanao ny androko.** Salamo 31. 14, 15

**Ary izao no fiainana mandrakizay, dia ny mahafantatra Anao, Izay Andriamanitra tokana sady marina, sy Jesosy Kristy, Izay efa nirahinao.** Jaona 17. 3

## Eo an-tanany ny androntsika

Mampihetsi-po ka mampandini-tena antsika izao fiampitana amin'ny taona „miampy iray" izao.

„Ry fotoana ô, ampiatoy anie ny fanidinanao!" hoy ilay poety. Faniriana mafy, nefa tsy afaka ho tanteraka… Misosa tsy hay sakanana ny taona, isika mandalo!

Misy tenin'ny Baiboly mampahatsiahy izany: „Ny androko dia faingana noho ny tsimandoa [*iraka mpihazakazaka, mitondra ny tenin'ny mpanjaka fahiny*]; lasa ireny". Tsy vitan'ny hoe mandalo ireny, fa mande-

ha mihahaingana kokoa hatrany, arakaraka ny fitomboana taona. „Faingana noho ny famahanan-tenona ny androko, ka lany tsy misy fanantenana", hoy i Joba (9. 25 sy 7. 6).

Fotoana voaisa, voafatra ny fiainantsika, hoy ihany ny Baiboly : „Indro, efa nataonao vodivoam-pelatanana ny androko ; ary ny fiainako dia toy ny tsinontsinona eo anatrehanao" (Salamo 39. 5). Any am-parany, inona no ho nameno ny fiainako ? Ary indrindra indrindra, ahoana ny ho fahitan'Andriamanitra izany ?

Koa ilaina ny miato kely : „Mampianara anay hanisa ny andronay, hahazoanay fo hendry" (Salamo 90. 12). Ndao hisaintsaina izany vavak'i Mosesy izany, ny hevi-dalin'ny fiainantsika, ndao koa hieritreritra ny mandrakizay.

Fanomezana noraisina avy amin'ny tanan'Andriamanitra ny fiainantsika eto an-tany, nefa dia mbola misy zavatra lehibe lavitra noho izany, nomeny antsika : „Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao : nomeny ny Zanany Lahitokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana *fiainana mandrakizay*" (Jaona 3. 16). Ny fiainana mandrakizay dia omena izay mino ny Zanak'Andriamanitra, tonga mba hamonjy azy eo amin'ny lalana mitondra ny olona rehetra ho any amin'ny fahaverezana.

Hanampy anao hanisa ny andronao ity alimanaka ity, nefa dieny anio dia miantso anao Andriamanitra, Izay tia anao, hihazona ny tena atao hoe fiainana mandrakizay.

# 2 Alahady
janoary

*(Hoy Jesosy :)* **Fa izao no sitrapon'ny Raiko, dia ny hahazoan'izay rehetra mijery ny Zanaka ka mino Azy fiainana mandrakizay ; ary Izaho hanangana azy amin'ny andro farany.** Jaona 6. 40

**Tao aminy** *(tao amin'i Jesosy)* **no nahariana ny zavatra rehetra.** Kolosiana 1. 16

### Iza moa Jesosy ?

Maro amin'ireo mpiara-belona amintsika ankehitriny no manaiky an'i Jesosy ho môdely, ho mpampianatra to teny, ary ho mpaminany mihitsy aza. Ny Baiboly anefa dia milaza amintsika fa lehibe lavitra noho izany Izy. Lazainy fa Jesosy, Ilay mpandrafitra tao Nazareta, Ilay sakaizan'ny mahantra sy ny mpanota, dia Andriamanitra Izy tenany mihitsy. Izy no Ilay nahary ny tany sy izay rehetra ao aminy ; ary eo

am-pelatanany ny fofonain'ny zavamananaina rehetra.

Ireo filazantsara dia mampiseho amintsika an'i Jesosy, Ilay Olona sady Andriamanitra, nandehandeha teny rehetra teny. Nahantra teo anivon'ireo mahantra Izy, akaikin'ireo tsy nisy mpijery, ireo jamba, ireo malemy, ireo nailiky ny fiarahamonina ; Izy dia Andriamanitra manasitrana, Andriamanitra mamela heloka, manangana ny maty, ary manome ny fiainana mandrakizay.

Petera mpianany dia niaiky fa Jesosy no Ilay „Zanak'Andriamanitra velona" (Matio 16. 16). Tomasy, mpianany iray hafa, rehefa nihaona tamin'i Jesosy efa nitsangana tamin'ny maty, dia niantso hoe : „Tompoko sy Andriamanitro" (Jaona 20. 28). Jaona dia nanoratra ny filazantsarany „mba hinoanareo fa Jesosy no Kristy, Zanak'Andriamanitra, ary mba hananananareo fiainana amin'ny anarany, raha mino ianareo" (Jaona 20. 31). Tamin'ny fitsarana Azy, rehefa nanontanian'ireo mpitarika ara-pivavahana Jesosy hoe : „Ianao va no Kristy ?", dia namaly hoe : „Izaho no Izy" (Marka 14. 61, 62). Dia nanakiana izy ireo hoe niteny ratsy Jesosy, ka nanameloka Azy ho faty, noho izany.

Iza moa Jesosy ? Izany no fanontaniana ivon'ny finoana kristiana. Izany no fanontaniana fototra ho an'ny tsirairay, satria miankina amin'ny avalintsika izany ny fiainantsika ankehitriny sy ny hoavintsika mandrakizay.

# 3 Alatsinainy
janoary

**Sitrak'Andriamanitra [ny] hamonjeny izay mino.** 1 Korintiana 1. 21

**Mahavonjy tokoa izay manatona an'Andriamanitra amin'ny alalany Izy *(Jesosy)*.**
Hebreo 7. 25

## Voavonjy !

Raha indaosina renirano tondraka ianao, dia mila famonjena. Raha ao anaty trano mirehitra ianao, ka tsy afaka mivoaka avy ao, dia mila famonjena. Raha itambesaran-trosa tsy vitanao efaina ianao, dia mitady fanampiana. Karazam-panafahana toy izany no resahin'ny Baiboly, rehefa milaza izy fa Andriamanitra dia mamonjy ireo izay mino.

Amin'inona moa no amonjen'i Jesosy antsika ? Esoriny tao amin'ny onjan'ny ota misarika antsika ho lavitra an'Andriamanitra isika. Manafaka

antsika tsy ho ao amin'ny afon'ny fanamelohana mandrakizay Izy. Mandoa ny trosan'ny fahotantsika Izy.

Any amina firenena sasantsasany, any Frantsa ohatra, dia maimaimpoana ny famonjena ireo tra-doza, nefa tena lafo ny sarany efain'ny fiarahamonina ho amin'izany. Dia toy izany koa, maimaimpoana ho antsika ny famonjena atolotr'Andriamanitra, nefa Jesosy nanefa ny saran'izany, sarany lafo dia lafo, dia ny ainy mihitsy. Izany no fanomezana avy amin'ny fitiavany. Izany no tsy ahafahana manasaraka ny famonjena atolotr'Andriamanitra sy ny finoana ny Tompo Jesosy. Jesosy no Ilay nitory ny vaovao mahafaly manambara ny famonjena maimaimpoana ; nefa tsy izany ihany, fa Izy mihitsy koa no io famonjena io. Ny anarany mantsy dia midika hoe „Andriamanitra Mpamonjy". Rehefa nahita an'i Jesosy zaza tao an-tempoly i Simeona lahiantitra, dia nivavaka hoe : „Tompo ô, ankehitriny ny mpanomponao dia alefanao amin'ny fiadanana, araka ny teninao ; fa ny masoko efa nahita ny famonjenao" (Lioka 2. 29, 30).

Ny hoe mandà an'i Jesosy dia mandà tsy hovonjena, tsy hafahana. Iza no te handà famonjena maimaimpoana ?

# 4 Talata
janoary

**Indro, tonga fiadanana ilay fahoriana mangidy dia mangidy nanjo ahy, ary ny fitiavanao no namonjenao ny fanahiko... Fa narianao teo ivohonao ny fahotako rehetra.** Isaia 38. 17

## Miverina mody

*Tsara vakina : Lioka 15. 12-32*

Hatreto angamba dia mbola tsy nampiseho taratra na inona na inona ity tovolahy ity (izay antsoina amin'ilay fiteny mahazatra hoe „zanaka adala"), fa indray andro kosa izy dia niteny tamin'ny rainy hoe te handeha hiaina ny fiainany araka izay itiavany azy eto amin'izao tontolo izao. Izany dia kisarisarin'ny olona rehetra mandositra lavitra an'Andriamanitra.

Ho aiza izy ? Ho any „an-tany lavitra". Inona no nataony ? Niaina tamin'ny fiveloman-dratsy. No-